

NY VALOSOAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

VAOVAO

Iles Eparses 5

Mety hatao veloma satria izao fitondrana izao no tena mivarotra tanindrazana

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Talata 15 jona 2021

Laharana 1173

Vidiny : 400 Ar

Foloalindahy 2

Jeneraly misotro ronono maromaro mbola mibodo toerana



Distrika sy Kaominina 3

Tokony hisy fanamarihana ny 26 jona koa



Fiarovana amin'ny covid-19 2

Maro ireo nirohotra nanao vaksiny



Mpitatira Sabotsy Namehana 6

Manome 72 ora ny CUA sy ny ATT



Fahapotehan'ny RN2 6

Miteraka loza matetika sy tsy fandriampahalemana

Anarana antoko 3

Nitory ny VP-AFIMA ny antoko AFIMA

Daka kely



Mbola mitohy ihany ny nofy ririn'ialahy zany ry Boaikely a !

FANIRY RAZAFY

Samy nanao izay vitany tany Atsimo avokoa ny mpitondra nifandimby

Samy nanao izay vitany avokoa ireo mpitondra nifandimby teto amin'ny firenena, mahakasika ny fampandrosoana ny any Atsimo, fa tsy araka ny namberan'ny filoha Rajoelina ny alahady alina lasa teo, hoy Faniry Razafy, mpanao gazety, sady mpanao politika. Tsy nitazam-potsiny ny faritanin'i Toliara teo aloha izy ireo, hoy izy. Tamin'ny fitondran'ny antoko HVM sy ny filoha Rajaonarimampianina, efa nisy tetikasa fitarihan-drano nanomboka tany Efaho, izay namberan-dRajoelina fa vao hatao io. Ny Amiraly Ratsiraka nametraka ny AES, sy ireo orinasam-panjakana maro tao atsimo toy ny Toly sy ny Hasyma... ary nanosika opérateur économique Malagasy avy any atsimo maro. Nitondra ny fotokevitra sy tetikasa IDÉE 21 : Humaniste Ecologique, niainga avy any Atsimo, ka tao Jafaro no nitondrana ny jiro avy tamin'ny angôvo azo avy amin'ny masoandro voalohany teto Madagasikara. Profesora Zafy Albert namerina nanokatra an'i Dabara-ha hisarihan-drano indray. Nitety Fokontany maro tao Androy sy Anôsy ary nanamafy ny fanomezana rano sy sakafo ary masomboly ho an'ny tantsaha. Ny filoha Marc Ravalomanana nanamora ny lalan'ny RN7 taty Ihorombe hatrany Toliara. Nanome fiofanana ny mpamboly avy any Atsimo tamin'ny vitrine de Madagasikara. Nanome rijiky ny tantsaha mpanamboatra tapis tamin'ny foire iraisampirenena. Nampiakatra Maires, na ben'ny tanàna sy Sefo Fokontany, tao lavoloha, nanome fiofanana leadership, sy nihaino ny tarainan'izy ireo amin'ny fampandrosoana ifotony. Efa nisy ihany koa ny tetikasa famokarana sorgho, novolavolain'ny filoha Ravalomanana iadiana amin'ny kere tany Atsimo, saingy tsy tontosa noho ny krizy 2009. Niha-nahazo vahana anefa ny tsy fandriampahalemana sy ny haintany tany atsimo vokatry ny fahapotohana ara-toekarena, noho ny krizy politika 2009 teto



Faniry Razafy, mpanao gazety sady mpanao politika.

Madagasikara, izay fanonganam-panjakana notarihan'i Andry Rajoelina. Noho izany, anisan'ny tompon'antoka amin'izao tsy fandrosoan'ny any Atsimo izao Rajoelina, efa mpitondra teto izy tamin'ny tetezamita nandritra ny 5 taona, ka manakiana tena izy raha milaza, fa tsy nisy nahavita ny tany Atsimo ny mpitondra nifandimby teto nandritra ny 60 taona, fa izy ireo no tena zavatra amin'izao fotoana. Manao toy ny ririnindasa tsy tsaroana Rajoelina ary mitombo ihany ireo fampananteny, izay tsy ho tanteraka akory ny ankamaroany.

Stefa

Foloalindahy

Jeneraly misotro ronono maromaro mbola mibodo toerana

Misy ihany ny fimenomenonana ao anivon'ny Foloalindahy Malagasy amin'izao fotona izao, na tsy heno mivantana aza izany, noho ny fisian'ireo jeneraly maromaro misotro ronono nefa azo lazaina mbola mibodo toerana. Tsy vitsy arak'izany ireo zandary sy miaramila am-perinasa, no tsy miasa amin'ny toerana tokony hisy azy satria misy ireo be kintana namana midongy sehatra. 9 eo amin'izao fotoana ireo jeneraly misotro ronono tokony hosoloina: eo aloha ao anivon'ny zandarimariam-pirenena, ny jeneraly misotro ronono Richard Ravalomanana SEG: sekreteram-panjakana amin'ny zandarimariam-pirenena. Ny tale jeneraly misotro ronono Syvain. Ny HCDN/ PRM (ao amin'ny Prezidansa), Vice Amiral Lucien. Ny Directeur Affaires Militaires (DAM/ PRM), Général Razafimahatratra. Ny DSNGR MDN (ao amin'ny Ministeran'ny Fiarovampirenena), ny jeneraly misotro ronono Solo. Ny CEMTA, ny jeneraly Rabenaivoarivelo. Ny CAB MDN, ny jeneraly Alexandre. Ankoatra izay, mbola vao noten-



drena koa ny jeneraly misotro ronono Voahangy Haja Andriamanalinarivo, tale jeneraly (DG) ny ANAF. Olona efa misotro ronono koa sady marary. Noho ireo antony ireo, misy ny fimenomenonana any ambadika any ao amin'ny Foloalindahy, midika tsy fahatokisana ny amperin'asa hoy izy ireo ny fitazonana olona misotro ronono toy izao. Ny ministry ny fiarovampirenena ny général de corps d'armée Rakotonirina Léon Richard, no fototry ny fanendrena na tsy fanendrena ao amin'ny Foloalindahy. Izy no ambony grady indrindra mbola miasa (général de corps d'armée, kintana 4. Midika izany, fa raha misy ny korontana, ka lasan'ny miaramila ny fahefana dia izy no ho filoha, mitondra ny tetezamita. Midika koa izany, fa manana tombony izy, ny tsy hisian'ny fanendrena eo anivon'ny miaramila sy ny zandary. Araka ny vaovao voaray sy ny fanadihadiana natao ny zavatra ataon'ny jeneraly ministra amin'

izao fotoana dia manilika ny miaramila nianatra tsy hahazo toerana, mba ho izy irery ihany no fantatry ny mpitondra fa hoe mahay. Maromaro ireo kolonely sy jeneraly amperinasa nahavita fianarana amby, école de guerres no ailiny. Ny antony dia sao manelinge-lina azy sy haka ny toerany. Ankoatra izany, raha tsy misy fanendrena SEG jeneraly amperinasa mihitsy dia tsy hisy ihany koa izany fiakarana grady kintana 4 ao amin'ny zandary, dia ny ministra ihany

no hijanona ho be grady indrindra ao anivon'ny Foloalindahy. Momba ny fanavaozana na restructuration ao anivon'ny tafika sy ny zandary : copie coller fandikana ny zavamisy any Frantsa fotsiny no nataon'ny ao amin'ny Fiarovampirenena. Ny fanavaozana dia tokony hiainga amin'ny politika ankapoben'ny fanjakana, ny boky fotsy na Livre blanc, ary ny paikady momba ny fiarovana. Ireo rehetra ireo anefa voadingana fa tsy natao.

Stefa

Fiarovana amin'ny covid- 19

Maro ireo nirohotra nanao vaksiny

Somary nalainaina sy ni-roharao saina ny vahoaka Malagasy hoe hanao vaksiny ve sa tsy hanao ? Ny hita mantsy dia na ny mpitondra fanjakana aza, ny filohan'ny Repoblika na ny Praiminisitra tsy mba hita nanome ohatra ho an'ny vahoaka, fa ny mifanohitra amin'izay no noteneniny sy nataony. Naratsiana fa mampivongana ra ny vaksiny, ny ahy ny CVO ihany hoy ny filoha no nahasitrana ahy, ka dia namporisihina amin'ny dokambarotra ao amin'ny fahitalavitra maro ny vahoaka Malagasy, mba hampiasa io tambavy io. Ny firenen-dehibe

manerana izao tontolo izao anefa efa mampiasa vaksiny avokoa, ireo firenena mahantra indray dia efa maro no nisiraka nanao ny fifanarahana Covax, izay anomezana vaksiny omena fotsiny, fa tsy vidiana hiarahana amin'ny Firenena Mikambana amin'ny alalan'ny OMS. Ny filohan'ny mpanohitra RMDM sady filoha teo aloha, Marc Ravalomanana, efa nanome to-rohevitra ny fanjakanan mba hanafaran'izy ireo vaksiny satria io ihany no vahaolana iadiana amin'ity valanaretina mampididoza ity ; nefa tsy nisy nihaino izy. Taty aoriana

Ny Valosoa sy fakafaka

Fitondrana Rajoelina – Nosy Sambatra

Tsy mahita asetry ny fihetsiky ny fitondrana frantsay

Hatreto tsy heno ny valin-kafatra avy amin'ny fitondrana Rajoelina, momba ny fihetsiky ny fitondrana frantsay, amin'ny Nosy Sambatra (files Glorieuses), tamin'ny herinandro lasa iny. Ny fitondrana frantsay izay efa mitompo teny fantatra, fa azy io Nosy io ary anatanterahany tetikasa momba ny fiantony iainana. Izany hoe efa tsy misy antenain'ny malagasy intsony izany, fa lasan'ny frantsay ambongadiny ny Nosy Malagasy, ary ahiana mbola hanaraka aza ireo hafa raha ny fihetsiky izay nilaza vao tsy ela izay hanao asa ihany koa amin'ireo. Nahoana no tsy andrenesam-pitenenena ny fitondrana Rajoelina manoloana izany. Izy ilay nilaza, herintaona lasa izao, fa tsy maintsy tafaverina amin'ny Malagasy ireo Nosy manodidina mialoha ny 26 Jona nanamaritana ny faha-60 taona niverenan'ny fahaleovantena. Hatramin'izao tsy andrenesam-peo momba izany intsony ny tenany. Resy eo anoloan'ny fitondrana frantsay ny fitondrana Malagasy? Tsy ny vahoaka Malagasy sy tsy toe-tsainy no manaiky ho resy tsy miady izany. Ny zava-misy anefa, miseho nahavita irery izany ny fitondrana, ary mirehaka mihitsy ny amin'izany. Ny vahoaka alika sy atao antsiny amin'ny raharaha, ary tsy henoina mihitsy. Porofon'izany, tsy mbola naheno na nahita ny maro, fa niantso ireo fikambanana saropiaro amin'ity tany ity sy ny fiandrianam-pirenena ny fitondrana hidinika amin'izay atao. Tsy lavina, efa nisy fikaonandoha natao momba izany nefa toa tsy hita izay vokany hatreto. Anisan'ny mitarika amin'ny fitakiana ny hiverenan'ireo Nosy ireo amin'ny Malagasy ny antoko Otrikafo. Tsy hita anefa izay fihainaina ireny fikambanana ireny. Nankarary fo ny maro mihitsy aza ny nandefasana mpitondro filaminana handroaka azy ireo raha nanao hetsika teny anoloan'ny Hotel Carlton Anosy raha nandalo taty ny filoha frantsay teo aloha. Izany hoe, tsy mihevitra velively ny momba ny hevitra ny vahoaka Malagasy ny fitondrana. Mety nihevitra izy fa hahatafavoaka baolina irery, ka hidehaka ny amin'izany toy ny fanaony, fa tsy misy hoatra azy ireo teo aloha. Izao anefa iarahamahita, fa hanahirana manomboka izao ity raharaha ity, noho ny fitavozavozana, sy izay fomba fiasa tsy mahomby sy ny fiheverana ny vahoaka. Lesoka lehibe sy tsy fahombiazan'ny fitondrana Rajoelina izao nambaboana ny Nosy Sambatra izao, sy amin-javatra hafa ihany koa. Mba tsy hikorontan'ny saim-bahoaka amin'izany, dia atao izay rehetra hanodinana ny sainy. Anisany ny tampi-maso amin'ny fanehoana, fa hoe miasa ny fitondrana, ka mandeha miolomay fetsy sy eroa na dia tsy mbola misy asa mivaingana aza. Ny zavatra ataony hatreto anefa, tsy hita misongadina mampitombo ny kitapom-bolan'ny isan-tokantrano sy ny sakafo miditra eo am-bilaniny akory. Ny zavatra mahamaika ny vahoaka no ilàny vahana haingana, fa tsy fotodrafitrasa izay mety hanagorobaka hatrany ny any am-paosingy.

Sôh'son

Ny Valosoa sy hadihady

Fitondrana Rajoelina

Tafahoatra ny tranga manaporofy ny kitoatoa ataony

Tafahoatra loatra ny tranga manaporofy ny kitoatoa ataony fitondrana Rajoelina, nambaran'ny Fitsarana Avo momba ny Lalamparenana (HCC), ho fahefana ara-dalana izao raha tsy iresaka ny "doublons" roa hetsy sy iray tapitrisa nambaran'ny filoha lefitry ny Vaomiera Mahaleotena miandraikitra ny Ffidianana (CENI) ny volana febroary 2019. Efa manomboka adinon'ny vahoaka Malagasy ny ankamaroan'izy ireny, ka tsara ihany ny mampatsiahy azy ireny. Ny voalohany tamin'izany, ny fanambarana fa raha ireo mpiaramiombon'antoka ara-bola mahazatra ireo no hianteharana dia tsy handroso i Madagasikara na amin'ny 2030 na 2050 na 2060. Nanomboka tamin'ny nidiran'ny valanaretina covid-19 anefa dia ireo mpamatsy vola ireo no manampy betsaka ny firenena, saingy tsy mazava ny fitantanana izany vola tsy toko tsy forohana, efa ho arivo tapitrisa dolara izany. Taoriana kelin'io fotoana io dia nanambara indray ny filohan'ny Repoblika, fa hitodika aty Madagasikara ny mason'izao tontolo izao rehefa nanaparitaka ny CVO izy. Namafisin'ilay "mpaminany vavy" avy any Brezila tamin'ny fanambarany ihany koa moa, fa avy eto no hivoaka ny fanafody hanastrana ny valanaretina. Niaraha-nahalala fa fahafaham-baraka maneran-tany no vokatr'ireo fanambarana ireo. Rehefa nalaza eran-tany indray ny vaksiny dia nanambara ny filoha, fa tsy ilaina izany fa ny CVO no nanastrana azy sy ny fianakaviany ary naratsiany ny vaksiny na dia misy karazany fito aza nambarany. Namafisin'ny minisitra vehivavin'ny sersera sy ny kolontsaina koa ny fanaratsiana. Nanafatra vaksiny "covishield" 250 000 daozy ihany anefa saingy ireo lohan'ny fahefana mpanatanteraka tsy nisy tonga nitsena teny Ivato kanefa maro ireo ma-soivohon'ny firenena any ivelany sy ny solontenan'ny fikambanana iraisam-pirenena tonga teny avokoa. Tsy nazava ihany koa moa, iza marina no nanafatra ireo ary volan'iza na vola avy aiza. Ny zava-misy teo aloha teo dia sahiran-tsaina ny vahoaka ary tsy narisika hanao vaksiny ny ankamaroany satria etsy andaniny dia teo ny fanaratsiana nataon'ny mpitondra ary ankilany dia tsy misy fanentanana momba izany mihitsy. Napetraka foana ny fepetra sy ny fihiboana kanefa tsy nisy fanampiana mifanandrify tamin'izany, fa dia nisedra ny tsy eran'ny aina ny vahoaka satria tapaka tanteraka ny fitadiavana ho an'ireo mpanao asa-tena toy ny mpivarotra ohatra. Tsy azo hadinoina ihany koa ny resaka volamena 73, 5 kilao tratra tatsy Afrika tsimo. Ny trondro madinika na pirina izay tsy mahafantatra na inona na inona, fa fitaovana fotsiny ihany no any am-ponja, fa ny "foza be" dia mbola miriorio any ihany. Na dia nesorina amin'ny toerany

enim-bolana aty aoriana aza ny tale jeneralin'ny ACM dia tsy manova ny tsy rariny mihatra amin'ireo any am-ponja izany satria azo inoana fa ho voatendry amin'ny hafa any ho any ihany izy. Tokony tsy ho azo fafana ao an-tsain'ny mpiray tanindrazana ihany koa ny jadona mahazava hanao eto amin'ny Firenena, ka tsy manana fahafahana maneho hevitra sy mivezivezy malalaka intsony ny olompirenena malagasy. Tsapa fa tsy manana ny fahaleovantenany ny mpit-sara, fa avy any amin'ny faratampon'ny fahefana no manindry amin'ny didy tsy maintsy avoaka, ka tsy voahaja intsony ny fisaraham-pahefana, fa ny mpanatanteraka no mibaiko eo amin'ny sehatra rehetra. Santonany amin'izany ny raharaha Rolly Mercia, Berija, ireo 12 mianadahy nikasa namonjy ny tatitra nataon'ny depiote eto Antananarivo Renivohitra, ireo telolahy namono karana tetsy Ivandry izay soa ihany fa nanome baiko ny nitazonana na namerenana ireto farany any am-ponja, andro maro aty aoriana, ny minisitry ny Fitsarana. Porofy ihany koa ity tranga ity, fa tsy manana ilay hakingan-tsaina (réflexe) eo no entina miatrika ny zava-misy ny mpitondra amin'izao fotoana izao. Manamafy ny tsy fananan'ny Fahefana mpitsara fahaleovantena ihany koa ny raharaha ady tany etsy Antanandrano. Tsapa kosa anefa etsy ankilany, fa tena manao izay tiany atao ny eo anivon'ny zandarimariam-pirenena, ka tena nanaitra sy nanafintohina ny maro ny nanaovan'ny zandary ny filoha Ravalomanana Marc, tsy indray mandeha fa indroa tao anatin'ny andro vitsivitsy. Ny tena manahirana dia tsy ny mpanome baiko velively no mety hifoteran'ny rambony, fa ireo mpanatanteraka izany toy izay ni-tranga tamin'ny raharaha 1972. Tsy azo ekena ho tantara mipetraka fotsiny ny fanafihan-dahalo tany Midongy Atsimo, satria namoizana aina Malagasy sy nahaverezana omby manakaiky ny arivo ary ny fahamaizan'ny trano aman-jatony kanefa dia efa mitady ho hadinoina sahady, satria veriverezina amin'izao kabary tsara lahatra sy fandefasana horonan-tsary manaitra ny maso sy ny matoritoria fa hanaterako hena ny gasy. Mitohy ny fampandriana adrisa ataon'ny filohan'ny Repoblika, ka niaraha-nahalala ny nataony tany Soalala sy ny tany Faradofay farany teo. Tena marina ny nolazainy, fa ny tsy vitan'ireo mpitondra nifandimby tao anatin'ny enimpolo taona dia vitany tato anatin'izay roa taona sy tapany nitantanany ny Firenena izany ny fampananantena poakaty maro tsy ho tanteraka. Tsy afaka hiandry ny tantara hitsara ny Malagasy, fa azo inoana kosa fa hitsara hanapaka ny geja hamatorana azy sy handrodana ny jadona nampizakain'ny mpitondra azy.

Andry Tsiavalona

Anarana antoko

Nitory ny VP-AFIMA ny antoko AFIMA

Nitory ny antoko VP-AFIMA ny antoko AFIMA, na Antoky ny Fivoaran'ny Malagasy, tarihan'i Serge Jovial Imbeh. Araka ny fanambarana, ny antoko AFIMA : "ny Antoky ny Fivoaran'ny Malagasy dia mampahafantatra ny namana mpiara-dia rehetra, sy ny vahoaka Malagasy, fa nametraka fitoriana ny antoko noho ny fangalarana ny anarana fanafomezana ny antoko, izay nataon'ny vondrona politika vao niforona, VP-AFIMA: Vondrona Politika Antso ho Fanorenana Ifotony an'i Madagasikara, tarihan'i Johny Paul Andrianjakatiana". Arak'ity fanambarana ity arak'izany, ny antoko izay najoron'i Serge Jovial Imbeh no efa nijoro mialohan'ity VP-AFIMA vao niforona ity. Dia ho hitantsika eo ny ho tohin'ity fifampitoriana ity. Tsihampina fa i Serge Jovial Imbeh dia efa kandida ho filohampirenena teto amintsika tamin'ny fifidianana ny taona 2018, fanambin'ny antoko natsangany ny fanavaozana ny zava-misy eto Madagasikara, sy ny fanomezana aina vao indray, ho an'ny olom-pirenena Malagasy amin'izao fahasahiranana lalina mahazo azy izao. Ny AFIMA hoy izy dia antoko afovoany, tsy miaraka amin'ny RMDM, tsy miaraka amin'ny fitondrana koa. « Ny aminay dia mijery ny fomba fiasa ny fitondrana no atao na mahomby na tsy mahomby, satria filoha voafidy io amin'izao io, ka aoka izay ny fanonganampajakana lava, fa afaka atao kosa ny mit-sikera ny zavatra tsy mety, satria izay ny demokrasia. Hanao fanehoankevitra lehibe ny AFIMA amin'ny volana jolay ho avy izao", hoy ihany i Serge Jovial Imbeh.

Isambilo



Serge Jovial Imbeh, avy amin'ny antoko AFIMA.

TONONKALO

Lasa Rakoto dia tonga Rakoto

Indro lasa Ingahy Rakoto dia nandimby Ingahy Rakoto. (Lakolosin'ny mompera hoy ny jilohimboto !)
Tsisy zavatra antenaina raha ny ampitso sy ny hoavy, Fa hitohy ny hadalan'ireo mpitondra mianakavy !

Indro lasa Ingahy Rakoto dia nandimby Ingahy Rakoto. Nodiovina ny loto saingy tonga indray ny loto.
Tsy ny vao sy manimanitra, tsy izany no nasolo, Fa ny konkra no nandimby ity ilay iray mihintsam-bolo !

Efa tazana any ho any indray ny lisitra vorosoka, Ary miaraka amin'izany ny hafetsena sy ny hosoka. "Tsangan'olona" no tazana hobaikoina sy hoterena. Raha fehezina dia tsotra: very ianao ry firenena !

Tsisy zavatra antenaina ny amin'izay ho fifidianana. Olona no nosoloina, fomba ratsy mbola tanana. Ny tsy marina hatrany no hibata fandresena. Mbola haverina eto indray fa very ianao ry firenena !

...Na ny lasa na ny tonga, samy tsisy nampiraika. Ny hohaninay anio, izay ny anay no mahamaika ! Raha `zay ireo mpitondra ireo no mbola hajoro sy hoekena, Dia haverina eto indray fa very ianao ry firenena !

DADAN'i ZINA (12-06-21)

DISTRIKA SY KAOMININA

Tokony hisy fanamarihana ny 26 jona koa

Mamaritra ny fiainan'ny malagasy ary tena ao anaty kolontsainy ny fankalazana ny fetin'ny 26 Jona niverenan'ny fahaleovantena. Andro lehibe ho azy io andro io, ankoatra ny andro hanamarihan'ny taom-baovao. Ny taom-baovao sy ny 26 jona no tena fety lehibe indrindra amin'ny Malagasy. Tsy ny mpoinina an-drenivohitra ihany, fa hatrany ambanivohitra lavitra rehetra any dia tena manome lanja io andron'ny fetim-pirenena io. Anisan'ny iray lehibe anehoany ny maha Malagasy azy io ary manoritra ao antsainy ny fahatsiarovany mandrakariva, fa nomen'ny razany ho lovainy ity Nosy ity.

Tsy azo avoavana antsirambina sy vitavitaina ho azy amin'izao izany hasin'ny 26 Jona omen'ny vahoaka izany. Azo lazaina ho hadisoana atao aminy sy amin'ny firenena ny tsy fahai-

zana mandanjalanja ny faritra hametrahana renty sy lanonana hankalazana ny Asaramanitra. Sarotra ny hisaina ankehitriny ny amin'ny mbola hisian'ny olom-pirenena Malagasy eto amin'ny tany sy ny fanjakana, handeha dia an-tongotra lavitra an-kilao metatra maro, na handeha hiakatra any an-tanàndehibe, fa tsy mijanona ao amin'ny kaomina misy azy farafahakeliny, hijery fety aman-danonana na ireo renty maro samihafa haingon-tanàna. Fankalazana tsy manara-penitra izany. Ity fitondrana ity miseho sy mihambo milaza ho mahavita zavatra. Aoka tsy anaovana fampielezan-kevitra indray toy ny natao tany satria Atsimo, ny amin'izany, satria mitsidrika famitaham-bahoaka tsotra izao. Hatreto azo lazaina fa tsy mahafehy ny momba ny toetsain'ny Malagasy ny fiton-

drana. Mety azo ekena ihany ny amin'ny fahafantarany izany, fa ny famaliana ny hetahetan'ny sainy izay no tsy misy afitsoka ny fitondrana. Entanina mandrakariva amin'ny fitiavan-tanindrazana ny rehetra, ka ilazana ny amin'ny mba hametrahany ny sainam-pirenena amin'ny trano fonenany. Tsy hisy malagasy hiara-hientana ny amin'izany raha mbola misy vahoaka Malagasy atao anjorom-bala amin-javatra maro. Raha tena mahalala ny Malagasy, dia hafantatra, fa io Malagasy io tsy mila entaniny izany akory, fa miainga ho azy izy rehefa tena hitany mivaingana ny fanatsarana sy fanasoavana atao aminy. Aiza ka amin'izao fotoana izao mbola misy olom-pirenena mitomany, fa tadiavana vahiny bodoina fotsiny izao ny tanindrazany. Ny depiote iray ihany koa tsy hahavita hiaro sy

Aris

ALLIANCE DIASPORA MALAGASY

Hiara-hankalaza ny fetim-pirenena 26 jona any Paris Frantsa



Satria efa miha-miala tsikelikely amin'ny fihibohana amin' izao fotoana izao ny Eoropa, noho izay antony izay, ny 26 jona ho avy izao dia hiara-hankalaza ny fetim-pirenena ny Alliance Diaspora any Eoropa. Izany fanamarihana izany dia hatao any Paris Frantsa. Ireto avy ny firenena handray anjara, ireo Malagasy monina any amin'izy ireo ao amin'ny Alliance Diaspora Malagasy: ny solontena avy any Allemagne, France, Italie, ary Suisse. Araka ny namberan'ny tompon'andraikitra, na dia mbola ao anatin'izao valanaretina covid-19 izao aza ny eto amin'izao ton-tolo izao, miezaka ny Alliance Diaspora Malagasy, mba hifanatonana hankalaza ny fetim-pirenena, sady mba ho fivorianana mivantana, izay hataon'ireo birao ao amin'ny fikambanana.

Isambilo

Ny sary famantarana ny Alliance Diaspora Malagasy any Eoropa.

Valanaretina coronavirus

Mananika ny 890 ny olona lavo teto amintsika hatramin'ny 2020

Tarehi-marika nivoaka farany momba ny valanaretina coronavirus eto amintsika, mananika ny 890 amin'izao fotoana no lavon'ity valanaretina ity teto amintsika hatramin'ny nidirany teto Madagasikara tamin'ny volana martsa 2020. 15 ny tranga vaovao hita tamin'ireo 470 nanao fitiliana ny 13 jona. 15 tranga vaovao hita tamin'ireo 470 nanao fitiliana ny 13 jona : 10

Analamanga, 3 Matsiatra Ambony, 2 Ihorombe. 25 no sitrana teto Madagasikara ny 13 jona 2021. 2 kosa matin'ny Covid-19 ny 13 jona : 1 Matsiatra Ambony, 1 Atsimo Atsinanana. Tafakatra 889 ny isan'ny olona namoy ny ainy noho ny aretina Covid-19 hatramin'izay nidirany teto Madagasikara izay. 95 no tranga misy fahasaratana ankehitriny.

Niaina



Tarehi-marika momba ny valanaretina coronavirus teto amintsika afak'omaly.

Mazotoa mihira

Hita hoe filoha fahatany fotsiny ny filoha misy eto amintsika amin'izao fotoana : tsy mitana ny teny nomeny, mandainga, tsy manaiky ho diso,... Hira mahakasika filohampirenena izay no atolotra anao androany. Hiran'i Samoela : Si Je serais Président par Hasard. Dia mazotoa mihira ary e !

SI JE SERAIS PRÉSIDENT PAR HASARD

Refrain : Si je serai président par hasard
Nous, on saura jamais ;
Seul Dieu le sait
Mais s'il mettra un conard au pouvoir
J'aimerais bien m'y voir (ça me donnera l'espoir)

Evidement, il y aura ceux qui veulent ma peau
En vous disant que je ne suis qu'un salaud
Evidement, qu'on m'assassinera quelque part
Et le Comité National de Secours me trouvera trop tard
Aucune indice nulle part, un invisible au costard
Un vieillard ou un saoulard
Il a fait son devoir en tant que bon citoyen
Et l'éthique politique : Fric, Fric, Fric
Bientôt, j'irai crever
Bientôt, on va me le couper
On épuisera d'avance à mes quotas
Et je n'aurai plus mes droits
Une ordure, un martyr
Un président de passe, un président sans trace
Un président qui crash,
A la une dans les magazines, et journaux mondiaux


Et même si pour moins d'un jour
Ne t'inquiéteras plus mon amour
Tu sera indemnisé
T'auras le gros paquet

Et le pouvoir d'investir, pour le bébé
Plus de temps pour les autres engagements
Plus de temps pour les autres promesses
Mais l'essentiel était déjà fait
Car on était au sommet tout les deux
Le monde entier te doit le respect : A sa majesté

Tonony sy feony : Samoëla RASOLOFONIAINA



Sakafo Ny Valosoa



Mety natsirotsiro ny sakafo ny alahady lasa teo. Sakafo somary matsatsotsatso, rony indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Rona anamamy sy henomby ary angivy indray no laokantsika anio. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahaso

Fomba fandrahoana ny sakafo mavesabesatra, hisorohana ny aretim-bavony

Fomba fandrahoana ny sakafo mavesabesatra, hisorohana ny aretim-bavony indray no Mahaso eto amin'ny gazetinao androany.

-Ny voamaina : mampangotraka rano aloha izay vao harotsaka ao ilay voamaina . Dia avela hangotraka 5 min indray ilay voamaina vao narotsaka anaty rano mangotraka dia hariana rano, izay vao manisny rano hafa handrahoana azy amin'izay. Ary hasio tongolobe tsy mitetika 1 ao anatin'ny miaraka handrahoina ao.

-Ny laisoa dia ampangotrakana 10min dia hariana ny ranony ary izay vao mampifangaro azy amin'ny fangaro izay tiana. Asio siramamy kely tapaky ny sotrokely.

-Ny ravitoto dia hasio siramamy 1 sotrokely sy tongolobe 1 tsy tetehana.

-Ny mangahazo, ampangotrakana 10 min ihany koa dia hariana ilay ranony iny, izay vao manisny rano hahasaka azy . Asio sira kely fotsiny sy siramamy izay tiana.

-Raha hanao lasary laisoa, sasao amin'ny rano nasiana vinaigre dia rehefa vita ny lasary hasio siramamy kely fotsiny.



NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'i Marotandrano any amin'ny distrikan'i Mandritsara faritra Sofia

Ny tanànan'i Marotandrano any amin'ny distrikan'i Mandritsara faritra Sofia indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina ambanivohitra Marotandrano ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 22 mandritra ny distrikan'i Mandritsara. Any atsinanan'ny faritra Sofia no misy azy, 45 km any atsimon'i Mandritsara ihany koa. Lalana tany no mampitohy azy ireo, tsy azo ampiasaina amin'ny fotoam-pahavaratra. Efa azo lazaina ho avo toerana izy, satria 464 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Misy fokontany miisa 16 ny kaominina Marotandrano. Vokatry any ny kafe, ny akondro, ny fary, ny vary, ny mangahazo, ny tsaramaso. Mpiompy omby ihany koa ny any an-toerana, ahitana tse-nan'omby lehibe any amin'ity tanàna ity. Misy valanjavaboahary manokana, na Réserve spéciale koa any Marotandrano, 42 km miala ny tanàna.



NY TENY FIAINANA

"Hianareo lehilahy, tiava ny vadinareo, ary aza sosotra aminy."

Kolosiana 3:19



Iles Eparses

Mety hatao veloma satria izao fitondrana izao no tena mivarotra tanindrazana



Cécile Vavisoa : mety hatao veloma Iles Eparses antsika Malagasy, satria tsy hita izay raha ataon'ny fitondrana Rajoelina ho famerenana izy reo.

Sahondra Mampionona Sue : bye bye vé zany izy ity, sa mbl azo antenaina?

Firehana Sôsialista : didim-panjakana frantsay manendry ny Nosy Glorieuses ho réserve naturelle nationale eo ambany fiahiany. Ankatoky ny 26 Jona tokoa isika, fahelovantena hono pfff !

Jean Aurelien : taratasy io nataon'ny Frantsay io, azo ovaina taratasy koa. Anjaran'ireo parlementaires mihetsika, dia manaô référence ny exécutif, manentana ny ratsamangaika tia Tanindrazana sy teratany. AIZA IREO TE HO MALAGASY, MIHETSEHA HO HITA.

Karim's Mouhamed Ali : efa lafo io! Nalafon'ny mpitondra reo.

Orimbato Zara : zao ka! Ry lerony zavatra hafa no enjehina fa tsy ny tena ilain'ny firenena!! ... Mpitondra mivarotra tanindrazana?

Hugues Rakotomanana: efa tamin'ny faha-60 taonan'ny fahaleovantena tamin'ny 2020 ny Iles Eparses, no nambaran-dRajoelina fa hiverina amin'ny Malagasy, hatramin'izao tsy hita izay marina, izao ny Frantsay manamafy fa azy ny Nosy. Mamofampofona fivarotan-tanindrazana no ataon'ny fitondrana Rajoelina.

Donald Randria : ny fitondrana mbola variana manenjika an-dRa8!

Dabe Randrianavony : fa ny fitiavana no lehibe indrindra e!! Fitiavana mpanjanaka frantsay e!!! Efa mi-tourne, mi-tourne hatrany 2 Rajoelina sy ny forongony.

Ilontsoa Sarobidy : tsaroanareo mpanohana 13 ireo tsara tamin'ny mbola Hery Rajaonarimampianina no nitondra, dia noresahan'ny Frantsay tamin'ny alalan'i Hollande Filoha Frantsay, sy Hery Rajaonarimampianina, fa ho atao Co-Gestion ny hitantana ireo Nosy ireo! Nivazavaza ary tena niteny ratsy daholo ianareo fa hoe tsy azo ekena izany fa antsika ireo! Amiko dia famarotana Tanindrazana ary faharesena lehibe izay tsapa fa toa vao mainka nanamora ny nahazoan'i La Frantsa ireo Nosy ireo i Andry Rajoelina, nanomboka 2009 ka hatramin'izao. Etsy ankilany ireo Karana maka tanin'ny Malagasy dia tohanan'ny

Fanjakana ankehitriny, fehin'ny tena mpivarotra Tanindrazana izao Fitondrana izao ary mbola Porofa iray ilay mody ampdiran'ilay Dr Lova ilay lalàna ahazoan'ireo Karana Zom-pirenena Malagasy izay MIDIKA fa hahazo hividy mandrakizay izay tany rehetra eto ary hanapaka eto izy ireo! Dia mbola inona indray? Tsy amidy Madagasikara nefa jereo ireo mpitrandraka any BRIEVILLE, fa Karana daholo ary natao izay nanapotehina ilay orinasa Malagasy Kraomita, mba hahazoan'izy ireo mitrandraka ny harem-pirenena!

Jean Aurelien : Ilontsoa Sarobidy Ilontsoa Sarobidy : efa tonga ny tambin'izao rehetra izao: 4x4 ao Tsimbazaza ao io, aza manantena intsony oh!

Simon Robera : hoy izy tam propagandy hoe : mbola misy mpitondra ihany ve eto Madagasikara ?

Clément Ravohitra: hay amin'izao fitondrana Rajoelina izao no tena tsy misy mpitondra, mpitondra tsangan'olona sy saribakolim-bazaha fot-siny.

Simon Robera : tena kivy tanteraka aho, mba marina e, dia mbola tsy tonga saina ihany ve isika hatramin'izao, tena mpitondra mpandainga sy tsy mahavita azy no misy eto Madagasikara amin'izao. Ilay jeneraly raika iny aloha tena bômba be mitsy, baombina ny tena marina e! izany hoe tsy izy mihitsy. Mahe-reza fa mbola ho avy ny maraina vao2.

Kanto Miray : Sendra izay vazaha mody miady ny malagasy . mpanenjika toujours mapar ity.

Richarad Razanajatovo : herin-taona ,izao no nandrenesako ilay FEO hoe tsy maintsy miverina amintsika ireo, nefa aiza hatramin'izao?

Marie Dinvan : aza mapme moa, raha niteny moa ny tena hoe : hena antanan-tsaka, d nisy tezitra fa hoe tsy tia tanindrazana hono. Sady nampiaiko hoe nga ny malagasy koa no ho tompony raha ho azo ireo Nosy?

Marie Dinvan : oh heverin zalah mandeha ho azy toy ny voka-pifidianana doublons lay raha! Zao mba trafran'ny azo raisina fa ts mitombina koa.

Simon Robera : aza de mandatsa e, sao dia hiteny ny fampindramambola an'i Comores ndray ary, aoka re zay e!

Cléo Razanamprany: tena mpitondra mpivarotra tanindrazana, Rajoelina sy ny ekipany.

RALLYE MALAGASY AMIN'ITY 2021 ITY

Ny fifaninanana Asacm Eau Vive 2021 no hisantatra azy

Ny Asacm "Association Sportive de l'Automobile Club de Madagascar", eo eo ambany fiahian'ny Fsam "Fédération du Sport Automobile de Madagascar", no hisantatra ny fifaninanana rallye Malagasy amin'ity taona 2021 ity, ka hatanterahana ny "Rallye Asacm Eau Vive 2021", izay ho tanterahina eny amin'ny manodidina an' Ambohidratrimo amin'ny sabotsy 19 sy alahady 20 jona 2021 ho avy izao. Eny Andranovelona no hametrahana ny PC



Rallye Asacm Eau Vive 2021.

amin'izany. Ny Fsam, tarihan'ny filohany Jimmy Rakotofiringa dia namoaka fa ekipazy miisa

41 no nisoratra anarana handray anjara amin'ny fifaninanana.

Rainilita

CAN Handball Vehivavy Cameroun 2021

Mbola mila ezaka ny ekipam-pirenena vehivavy Malagasy

Sambany niatrika ny fifaninanana avo lenta CAN Handball vehivavy ny ekipam-pirenena Malagasy, tamin'ny fifaninanana natao tany Cameroun, ka nihintsana teo amin'ny fifaninanana m-bondrona rehefa resin'ireo ekipa iray vondrona taminy hatrany tamin'ireo lalao 3

nataony, tany Yaoundé Cameroun. Sénégal 42 # 16 Madagascar ; Madagascar 16 # 44 Tunisie ; Guinée 35 # 16 Madagascar. Laharaka faha-4 i Madagasikara tao anatin'io vondrona A nisy azy io, ka nihintsana avy hatrany tsy afaka hanohy ny fifanintsanana intsony, fa

ny lalao fiadian-toerana sisa no natrehan'izy ireo omaly alatsinainy 14 jona, izay nikatrohany tamin'ny ekipam-pirenena'i Kenya. Mbola mila ezaka mafy araka izany ny mpilalao handball vehivavy Malagasy amin'ity fifaninanana avo lenta ity.

Rainilita



Ny mpilalao Handball vehivavy Malagasy tany Cameroun.

Volley-ball Analamanga

Raikitra ny "Championnat 2020-2021"

Nosokafana tamin'ny fomba ôfisialy tamin'ny sabotsy 12 jona 2021 lasa teo, teny amin'ny kianja "Cité des Assureurs » eny Itaosy ny «Championnat 2020-2021 », ho an'ny taranja volley-ball Analamanga. Lalao 11 no nanokafana an'izany andro voalohany izany ka nahazoana ny vokatra : 2DF : RVB - SUAD 2 (3-0), SQUAD 1 - ASSM (3-0), CCVB - VOARA (3-0), 2DM : RVB- ASSM 1 (3-2), ASI- CVBA (3-0), CVB - HZMA (3-0), MVBC-SDV (3-2), 1DF : BI'AS - VOARA (3-0), 1DM : ASI-VOARA (3-0), GNVB 1-VBC JAK (3-0), GNVB 2-

COSFA (3-2). Amin'ny sabotsy 19 jona sy amin'ny alahady 20 jona 2021 no hiditra amin'ny andro faharoa ity fifaninanana ity,

ka hiditra an-tsehatra ihany koa ny sokajy Juniors sy Minimes .

Rainilita



Lalao volley ball teny Itaosy.

FAHAPOTEHAN'NY RN2

Miteraka loza matetika sy tsy fandriampahalemana

Potika amin'izao fotoana ny ampahany maro amin'ny lalampirenena faha-2, RN2, mampitohy an'Antananarivo sy Toamasina. Noho izay antony izay, mitaraina ireo mpamily mpampiasa izany lalana izany, izay miteraka lozam-pifamoivoizana matetika. Miteraka ihany koa tsy fandriampahalemana, satria manararao- tra manao ny asa ratsiny ireo jiolahy rehefa mandeha miadana ireo fiara, noho ny faharatsian'ny lalana.



Ny fahapotehana hita amin'ny RN2 amin'izao fotoana.

Ankoatr'izay, misy manisy vato maranitra ihany koa eny ampovoan-dalana eny. Efa nisy ireo fiarabe no lasibatra, satria vaky ny "résevoir", lasantsy efa ho 700 litra no very. Manao antso avo amin'ny tompon'andraikitra izy ireo, mba hijery akaiky ny mahakasika ity lalam-pi-

renena, izay be mpampiasa indrindra eto amin-tsika ity.

Ankehitriny moa kianja no maha-maika ny fitondrana Rajoelina, fa tsy zavatra

iankinan'ny fiainan'ny olona toy ny lalana izao.

Niaina

Sosialy

Misy manerana ny Nosy ny tsy fahampian-tsakafo

Tsy ny any Atsimo ihany no iharan'ny tsy fanjarian-tsakafo sy hanoanana, fa saika hita izany manerana ny faritra rehetra eto amin'ny firenena na ambanivohitra na an-drenivohitra. Misy olom-pirenena marobe tsy ampy sakafo sy noana eto amin'ity Nosy ity. Efa ao anatin'ny hanoanana rehefa tsy mahatratra ny fetra farafahakeliny, na ny salanisa ilaina isan'andro amin'ny otriakina ilain'ny vatan'olombelona ny sakafo hohanina. Eo amin'ny 2500 kilaokaloria (kcal) io ilaina isan'andro io. Ny sakafon'ny Malagasy amin'ny ankapobeny anefa dia latsak'io isa io ary tonga hatrany amin'ny 2400 Kcal aza. Lombonany amin'ireo firenena mahantra indrindra sy tsy mandroso izany, satria izy rahateo ao anatin'io sokajy io.



Ankizy tsy ampy sakafo eto Madagasikara.

tamin'ny fampielezan-kevitra, sy izy niakatra teo amin'ny fitondrana. Ny fanandrana an'i Madagasikara variana nijery zavatra hafa, fa tsy nibanjina izany olana fototra manjo ny vahoaka izany.

Hany ka rehefa nipoaka ny raharaha namoa-doza tany Atsimo, efa ho roa taona nitondrany io, vao mody mikoropaka sy "mioeraoera" etsy sy eroa na amin'ny haino aman-jery.

Olana goavana eto amin'ny firenena io toe-javatra io. Mifamatotra ny zavatra iainan'ny olombelona iankinan'ny fivelomany. Eo ny sakafony, rehefa tsy ampy io dia misy fiantraikany any amin'ny herimbatany sy ny fihariana ataony. Ao anatin'izay ihany koa ny fiatrehan'ny sahanasa samihafa. Mazava loatra fa tomponandraikitra amin'izany ny eo anivon'ny minisiteran'ny mponina, sy ny minisiteran'ny fahasalamam-bahoaka ary ny minisiteran'ny fitantanam-bola. Ireo rehetra ireo mantsy dia miankina amin'ny vola miditra isan-tokantrano avokoa. Araka izany, dia tsy afaka hiseho ho mahavita zavatra ity fitondrana ankehitriny ity, raha tsy voavahany ireo olana fototra manjo ny vahoaka Malagasy, sarambabem-bahoaka ireo, indrindra eo amin'ny lafiny ara-tsakafo.

Radafy

Mpitatira Sabotsy Namehana

Manome 72 ora ny CUA sy ny ATT



Fiara mpitatitra eny Sabotsy Namehana.

Manome fe-potoana 72 ora, izany hoe 3 andro, ny CUA: kaominina Antananarivo Renivohitra sy ny ATT, sampan-draharaha misahana ny fitaterana an-tanety ny mpitatitra eny Sabotsy Namehana Antananarivo Avaradrano hamaha ny olan'izy ireo. Nitokona avokoa ny fiara fitateram-bahoaka nampitohy an'i Sabotsy Namehana sy eto an-drenivohitra omaly. Noho ny fanafanan'ny kaomina Antananarivo Renivohitra ny fiantsonana eo Analamahitsy no anton'izany. Miteraka olana lehibe ho an'ny mpitatitra sy ny mpanjifa io fanovana io. Manoloana izany dia manome 72 ora ny kaomina Antananarivo Renivohitra sy ny ATT, ny mpitatitra sy ny mpiaro ny zon'ny mpanjifa eny an-toerana, hamaha izany olana izany.

Niaina

Disadisa an-tokantrano

Notsatohan-dralehilahy antsy ny vadiny ka tsy tana ny ainy

Trangam-piarahamonina mampalahelo sy mampivarahontsana, no nitranga tany amin'ny faritra Alaotra ny faran'ny herinandro teo. Niafara tamin'ny famonoana ho faty ny disadisa nisy tao amin'ny tokantrano iray tao Antsahalava fokontany Ambohimasina, distrikan'Ambatondrazaka renivohitra, faritra Alaotra Mangoro ny alin'ny sabotsy 12 jona 2021 teo. Notsatohan-dralehilahy antsy ny vadiny ka tsy tana ny ainy, ary nandositra ity lehilahy nahavanon-doza ity rehefa nahavita izany habibiana izany. Namela kamboty miisa efatra (04) ity renim-pianakaviana namoy ny ainy ity. Fantatra kosa fa efa voasambotra ilay vadiny nahavanon-doza.

Niaina



Ilay ramatoa namoy ny ainy, novonoim-badiny.

Taratasin'ny mpamaky

Fanehoan-kevitra ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao izao manaraka izao, mahakasika ny fankalazana ny fetim-pirenena ho avy amin'ny 26 jona. Sao dia mba tsy rariny kosa ilay fanapahan-kevitra momba ny fetim-pirenena e! Vakio ny lalampanorenana fa voasoratra ao hoe: "Ny filoham-pirenena no miantoka ny maha iray ny firenena" fetim-pirenena ilay Raha. Any @ renivohitrim-paritany ihany no misy fankalazana. Andriamanitra ô! fa angaha tsy Malagasy intsony ny aty @ District sy ny Commune ? Fa angaha tsy tokana sy iray tsy mivaky ny firenena ? Aboahay ny statistiques raha covid 19 no lazaina fa antony? Taiza ny toerana tena be maty na voan'ny coronavirus, tsy tao Mahajanga ve, tsy tao Antananarivo, Toamasina ve? Fa dia nahoana loatra re tompoko no @ ireo toerana zay tena mbola ambony ny taha-pahavoazana no ankalazantsika ny 26 jona? Vao omaly no mbola nisy olona 03 voalaza fa matin'ny coronavirus tao @ ville? Miantso anao Atoa Filoha Andrinirina Rajoelina, mba hijery indray ity fanapahan-kevitra ity, fa sahirana ny vahoaka aty @ District sy commune! Na rehefa tsy misy dia tokony samby tsy misy, fa indrindra ao Antananarivo, izay tena mbola à haut risqué. Raha resaka covid-19 no resaka! Miala tsiny ho anareo izay mety hiteny hoe zao sy zao, fa vokatry ny antso maro nifanaovana t@ ireo Ben'ny tanàna maro manerana ny Nosy sy ireo olona tsotra ny artiste, ny mpandraharaha @ sehatry ny kanto no anaovako izao antso fanairana izao. Miantso anareo solombavambahoaka indrindra2, mba hijery sy hifanatona @ tompon'andraikitra hijery akaiky ity fanapahan-kevitra ity, fa tena sahirana ny vahoaka izay soloinareo tena! Misaotra Tompoko! Masina ny District sy Ny Commune !

Jean Valérien Rakoto Ben'ny tanàna koaminina Ambonivohitra Ambatoboeny, Faritra Boeny



Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE
05/06/2021 hatramin'ny 12/06/2021
- **SOANDRY** (Behoririka près de Luxor)
020 22 228 37 / 033 11 650 36 / 034 98 379 12
- **HANITRA** (Ankorahotra)
020 22 312 81/020 22 350 80
- **AMBODIVONA** (Ambodi-
vona) 034 07 228 98
- **MAMY** (67HA Nord Est)
020 22 318 21/033 74 154 87 /
032 26 859 84
- **TOKY** (Andrefan'Ambohija-
nahary) 020 22 264 41 /
032 04 090 54/034 11 264 50
- **NOUVELLE** (Rue Indira
Gandhi Tzaralalana)
020 22 370 03/034 22 370 03
- **AMPANDRANA** (Ampandran-
a) 020 22 258 99 / 034 19 341 82
- **RABARISOA** (Andravoa-
hangy près BOA ex imm
SOLOPRIX) 020 22 229 86 /
034 07 229 86
- **MAHAMASINA** 020 22 545 58 /
020 22 545 59/034 07 545 58
- **ISORAKA** 020 22 285 04 /
020 22 694 12
- **CAPITALE** (Rondpoint
Ankazomanga) 020 23 610 00 /
032 12 610 00/033 28 693 88 /
034 25 610 00

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79
HOMI Soavindrana :
22 397 51
Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21
Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 / 22 485 17
Clinique des Soeurs
Ankadifotsy : 22 235 54
Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22) 3547 (n° vert) /
Airtel : 03 35 47 /
Orange : 032 32 3547
Pompier :
Tél : 118 / 22 250 18 /
22 225 66
Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 / 22 357 09
1° Arrondissement
Tzaralalana : 22 280 54
2° Ambanidia : 22 309 46
3° Antaninandro : 22 291 30
4° Isotry : 22 280 51
5° Mahamasina : 22 280 48
6° Ambohimananina :
22 225 52
7° 67 Ha : 22 291 29
8° Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 / 22 210 29 /
22 674 83 na 84
GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao mischa intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo
TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600
MPANAO GAZETY
Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55
Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88
Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89
Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69
Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7
Fametrana 1173-06-2021
Isan'ny natonta: 10 000
Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalina vita soratanana avy amin'ny tompony

TSY FANJARIAN-TSAKAFO ANY ATSIMO

I Etazonia no nitondra fanampiana be indrindra hatramin'ny 2015

Mivantana any amin'ireo mpahazo tombontsoa, ny fanampian'ny Amerikana ny any amin'ny faritra Atsimon'i Madagasikara: any amin'ny faritra Androy sy Anôsy, ary tsy misy idiran'ny fitondram-panjakana. Noho ny fahatsapan'ny mety isian'ny kolikoly sy ny fanodinana ataon'ny mpitondra isan-tsokajiny, no mahatanga azy manao izany fitondrana mivantana ny fanampiana any ifotony izany. Ahiana fa ity taona ity no mety ho ratsy indrindra any atsimon'i Madagasikara, noho ny haintany sy ny tsy fanjarian-tsakafo. Noho izany, ny governemanta amerikana amin'ny alàlan'ny USAID dia manolotra famatsiam-bola fanampiny mitentina 40 tapitrisa dolara amerikana hanampiana ny filàna maika ara-tsakafo any Atsimo. Hampiasa ity vola ity ny USAID hamatsiana vola ireo tetikasa tantanan'ny mpiara-miombona antoka



Mpisitraka fanampiana avy amin'ny Amerikana any amin'ny faritra Atsimon'ny Nosy.

amin'ny Programme Alimentaire Mondial (PAM), UNICEF Madagascar, ny Catholic Relief Services, izay mitondra fanampiana ara-tsakafo maika; mit-sabo ny tsy fanjarian-tsakafo amin'ny zaza, ny vehivavy bevohoka sy ny tera-bao, manatsara ny fahadiovana, mitondra kajaoka fanampiny sy olona hiasa hiatrika ny vonjy taitra, ary manamboatra fatsakana, mba hahazoana rano madio. Vahoaka eo amin'ny 729000 eo no hisitraka ity fanampiana ara-tsakafo entin'ny tetikasa ity, hisorohana ny tsy fanjarian-

tsakafo eo amin'ny vehivavy bevohoka 19800 sy tera-bao ary zaza 63400, ary koa hanomezana fit-saboana ho an'ny zaza miisa 57000 tratry ny tsy fahampian-tsakafo antonony na mahery vaika. Hatramin'ny 2015 i Etazonia no nitondra fanampiana lehibe indrindra ho an'ny any atsimo. 229 tapitrisa dolara mahery no entiny, amin'ny alalan'ny USAID, mamaly ny filàna maikan'ny fianakiviana izay ianjadian'ny hanoanana sy mitondra vaholana maharitra ho an'ny tsy fanjarian-tsakafo.

Aly

Faradofay

Midangana ny vidin'ny zavatra ilain'ny mponina andavanandro

Azo lazaina ho midangana amin'izao fotoana ny vidin'ny zavatra ilain'ny mponina amin'ny fiainany andavanandro any amin'ny distrikan'i Faradofay, faritra Anôsy. Sahirana sy mikaikaika ny mponina noho izany. Ny vary gasy dia 800 Ar ny kapoaka amin'izao fotoana any an-toerana, ny vary nafarana 750 Ar ny kapoaka. Ny Siramamy 3600 Ar ny kg. Ny lafarina 2600 Ar ny kg. Ny menaka mananika ny 8000 Ar ny litatra. Ny atody 800 Ar ny iray. Ny tsako 900 Ar ny kapoaka. Ny kabaro 1300 Ar ny kapoaka, ka tena henjana amin'ireo mpanjifa any an-toerana tokoa ireo vidin-javatra ireo ankehitriny. Ankoatra izany, ny tetezan'i Manambaro amin'ny RN 13, izay tapaka efa ho 4 volana izao, tsy mbola vita, satria tsy mbola manomboka akory ny asa fanarenana izany tetezana tapaka izany hatramin'izao.

Marcus



Mikaikaika ny mponin'i Faradofay sy ny manodidina, noho ny fiakaran'ny vidin-javatra.

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao) N° 352

			↔						
		←	Ampela		←	Tsirin-teny	↕		
			Toerana			Rora			
			Naoty (miv)			Onjam-peo			
			↓			↓			
	↑							←	
	↕	Heloka							Malahelo
		Ranompanafody							
		Tolora							Diky (miv)
			←						↓
			Milaza fananana						
			Famatoran-javatra						
			←		↑	Vavaka			
			Vorona (BR)		↕	Maloto			
			↕			Bika	→		
			Alàna aina						
		↑							
		Hekitara							
		↕							
		Safotra (miv)	→						

BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadiaka
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0351)

Mitsivalana	Lala (miv)	Mitsangana	
- Malagasy	- Tetezana	- Manitra	- Garazy
- Anarana	- Mamy (miv)	- Enina (miv)	- Amalona (miv)
- Ny - Oroka	- Atao	- La - Otra	- Sakana
- Ony (miv) -		- Ora (miv)	- Alamo

TENY MIFANAPAKA N° 352

	A	B	D	E	F	G	H	I	J	K
1										
2										
3										
4										
5										
6										
7										
8										
9										
10										

Mitsivalana

1. Fotoam-pivavahana - Tsy lavitra 2. Sera kely - Repoblika 3. Anoran-tanàna 4. Mpisolo tena (miv) - Banky - Faran-teny 5. Rango-pohy - Fanampin'aranana (miv) 6. Mpanondro manolotra 7. Zanaka mpandimby 8. Marika (miv) - Lesona - Omena 9. Aro moka - Foto-tenin'ny mandray 10. Mampisafidy - Nivadika

Mitsangana

A. Ao amin'ny vatana B. Biby fiompy - Efaina (miv) D. Lava lela E. Maharitra - Fanekena (miv) - Mpanoritra (miv) F. Faly sy ravo G. Hita amin'ny fery (miv) - Mpisolo tena H. Androany - Antsasaky ny kajy I. Tra-tehaka, azo babo J. Fonenana - Mena lalandava K. Tsofoka - Miray dia (miv)

Valiny Teny mifanaraka 0351

Mitsivalana	Mitsangana
1. Farafara 2. Adala - (N)on(o) 3. Herinandro 4. Olana - An 5. Ranomasina 6. Poara 7. AS - O.I - Na 8. Natsarina 9. Ariana - Zo (miv) 10. YY - Maika	A Fahorianay B. Ela - Sary D. Raràna - Ti E. Adino - Maso (miv) F. Fanampiana 6. Ala - Ao - Ray H. Rantsana I. Iray J. Orana - No K. Inona - Vazo

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Mavitrika manao vaksiny ho fiarovana amin'ny coronavirus koa ny tanora.



Maro ireo tonga nanao vaksinin'ny covid-19 tetsy amin'ny HJRA Ampefiloha.



Vita vaksiny covishield Beranto amin'ny Tarika Ambondrona.



Vita vaksiny miaro amin'ny coronavirus koa ny mpanakanto Stéphanie.

